9. Inona no atao hoe «mariazy» aminao?

Pour vous, qu'est-ce que le mariage ?

Mariazy?... fifankatiavan'olon-droa koa inona ndray?...fiarahana... fi... tsy haiko e! ... lehilahy sy vehivavy miara-mipetraka...

10. Midika inona aminao izany mariazy izany?

Que représente le mariage pour vous ?

Midika izany hoe mitokan-trano ... tsy miankina amin'olona eo fivelomana ... dia ...mamelon-janaka...

11. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny iainanao izany hoe manambady izany?

Est-ce que vous pouvez raconter la façon dont vous vivez le mariage, si vous le permettez?

Tsy hitako hoe inona no ho tanataraiko... sarotra ilay izy... sady mbola tsy dia nieritreritra an'izay aho... fa raha ny fijeriko azy dia manahirana raha ohatran'ny anay izao tsy dia ampy fianarana dia tsy mety mahita asa... izaho izao impiry mba nitady tany amin'ny zone fa tsy nety voaray mihitsy...

12. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fizotry ny fiainan-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez raconter le déroulement de votre vie conjugale, si vous le permettez?

Ny fizotrany hoe ahoana?... ny vadiko mandeha maka entana maraina... amin'ny 04 na amin'ny 04 sy sasany izy dia efa any. Izaho mamoha tsena amin'ny dimy... indraindray izy antsoin'ny namany eto rehefa misy kandra madinidinika any... fa eto ihany izy raha tsy izay... dia manao compte izahay ny hariva ... ny zanako mianatra atsy amin'ny EPP ny voalohany fa ilay faharoa mbola tsy ampy taona ... fa alefako ihany koa ity rehefa kelikely fa tsisy ihetseana...

13. Mba azonao lazaina ve, raha tsy mahadiso, ny andraikitry ny tsirairay ao an-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez citer les tâches de chacun dans votre ménage, si vous le permettez?

Andraikitra hoe ahoana?... tsy dia misy hoe izao na izao fa samy manao ... fa raha hoe ... mbola izaho aloha no mahandro hanina e!...izy ary ange indraindray ilaozany manao dômy atsy avaratra atsy e ! ... koa tsy hitako hoe ...

14. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisareo mivady ao an-tokatrano?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation de couple, si vous le permettez?

Mifandray tsara izahay ka!... ka izahay tsy miady koa ... izany hoe tsy miady mihitsy, ... iza moa no mpivady tsy hiady, ... fa hoe tsisy olana ka ... hatreto aloha e!

15. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisareo mivady amin'ny ray aman-dreninareo tsirairay avy?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation avec vos parents respectifs, si vous le permettez?

Talohaloha ny ray aman-dreniko tsy dia faly ... fa tato ho ato izao nanomboka tonga taty mamanay... tamin'ny faran'ny taona aza izahay nasain'ny dada nankany nanao fety. Ny havam-badiko mahafinaritra daholo... afa-tsy ilay cousin-ny mamo lava izay...

16. Mahatsapa ve ianao fa mahaleo tena tanteraka ianereo sy ny tokatranonareo?

Est-ce que votre ménage et votre couple sont autonomes ?

Mahaleo tena ka! Tamin'ny voalohany ihany no tsy maintsy nangataka fanampiana tany amin'ny dadatoanay izahy... dadatoan'ny vadiko moa izany e!... Izahay ihany no mikaroka ny hanina hohaninay izao ... izahay aloha tsy manofa trano e! Dia jiro ihany no alohanay... tsy dia misy miditra loatra amin'ny tokantranonay koa moa... araka ny nolazaiko teo hoe ry zareo indray aza izao no manomboka mankaty...

17. Ahoana no mba ieritreretanao ny ho avin'ny tokatanonareo?

Quelles sont vos perspectives dans votre vie conjugale?

Sarotra be ilay fiainana ka tsy dia hitako loatra izay ambara aminao... tsy hitako hoe inona no holazaiko amin'izay... raha ny faniriana ve moa tsy hoe ho manga ny lanitra fa ... asa angaha...

FONDATIONS FAMILIALES DES JEUNES COUPLES

ANNEXE I: ENTRETIEN INDIVIDUEL

Fiche n°2

1. Azo fantarina ve ny taonanao? Ary ny an'ny vadinao?

Est-ce que je peux connaître votre âge? Et celui de votre conjoint?

Samy 25 taona izao izahay...

2. Efa niteraka ve ianareo? Raha eny dia firy?

Avez-vous déjà eu d'enfants? Si oui combien?

Manan-janaka telo izahay...

3. Avy aiza avy ianareo mivady?

Où se trouve votre origine géographique respective?

Izaho avy eto Antananarivo fa ny vadiko avy any Betafo.

4. Kilasy faha firy ianao no niala nianatra? Ary ny vadinao raha fantatralo?

Vous vous arrêté en quelle classe? Et votre conjoint, si vous le savez?

Samy nahavita BEPC izahay...

5. Inona no asanao? Nanomboka oviana? Ary ny vadinao? Nanomboka ovina?

Quelle est votre activité professionnelle? Depuis quand? Et celle de votre conjoint? Depuis quand?

Manasa lamaba no tena ataoko ary ny vadiko mpanao kiraro...efa elaela ihany izahay no ohatran'izay...izaho moa efa hatramin'ny nijanonako nianatra kelikely...

6. Taiza ianareo no nifanena voalohany?

Où aviez-vous vous rencontrés pour la première fois?

Tety an-tanàna tety ihany izahay no nifanena...

7. Tamin'ny fomba ahoana?

Dans quelle circonstance?

Mandalo matetika teo amin'ny trano nipetrahany aho...nanasa ny lamban'ny tompon-tranony aho tamin'izay...

8. Inona ny antony nahatonga anareo hiaraka?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à sortir ensemble?

Tsy dia haiko loatra fa samy teny fotsiny dia nifantinton...

9. Inona ny antony nahatonga anareo hivady?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à se marier?

Noroahin'ny dadanay aho ... i mamanay moa efa maty dia tao amin'ny nenintoako aho no nipetraka ... dia noroahin'ny dadanay aho...izany hoe i dadanay koa tao aminy no nipetraka...nolazainy fa nangalatra ny volany aho dia noroahiny tamin'ny alina be...i nenintoanay tsy niteny fa nasainy nankao amin'ny tranon'ilay namany aho...ny tompon-tranon'ndry vadiko taloha ... dia niaraka izahay roa...

10. Inona no atao hoe «mariazy» aminao?

Pour vous, qu'est-ce que le mariage?

Fiarahan'ny olona roa misedra fiainana... angamba hoatran'izay...

11. Midika inona aminao izany mariazy izany?

Que représente le mariage pour vous?

Hoe ... tsy misy olon-kafa intsony fa dia efa ianao no miahys ny tenanao eo...izany hoe eo ihany ny vadinao dia mifanampy eo...

12. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny iainanao izany hoe manambady izany?

Est-ce que vous pouvez raconter la façon dont vous vivez le mariage, si vous le permettez?

Iainana ahoana moa?...tsy dia misy iainana azy fa sarotra ny mitady vola dia izay ...izao izao efa tsy dia misy mampanasa lamba intsony dia sarotra be ...izay kely hita eo no entina mody...indraindray aza moa tsy misy dia ...

13. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fizotry ny fiainan-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez raconter le déroulement de votre vie conjugale, si vous le permettez?

Ié, mifakatia be zahay. Mifanao bisous foana izahay: maraina vao avy mifoha, rehefa hisaraka avy eo, rehefa mifankahita, rehefa alohan'ny hatory koa mazava ho azy raha tsy hoe rehefa avy miady.Izaho isan'andro mandeha manasa lamba maraina...fa indraindray koa aho antsoin'ny olona manao zavajavatra any ...ohatra hoe ...manadio trano ...matsaka ...ny vadiko manao koraro dia eo amoron'ny arabe eo ihany izy no miasa...dia samy mahandro hanina arakan'izay tratrany avy izahay. Rehefa be kil aho dia

izy no mahandro hanina... na mody kely aho... ny tranonay koa tsy lavitra ny bassin dia afaka mody ihany aho indraindray...

14. Mba azonao lazaina ve, raha tsy mahadiso, ny andraikitry ny tsirairay ao antokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez citer les tâches de chacun dans votre ménage, si vous le permettez?

Tsy misy hoe ity n'ny anona na ity an'ny anona fa tsy maintsy samy manao... tsy ho arako daholo ny raharaha rehetra ao... dia tsy hoe vitany irery koa ny fitadiavana vola... izao ary efa samy mi-démerde mbola bokan'ny trosa ihany koa!...

15. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady ao antokatrano?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation de couple, si vous le permettez?

Ny anay tsy ohatran'ilay amin'ny télé ireny... hoe bisous-bisous be foana ... an, an ka ! tsisy olana ny fifandraisanay... ny hahalehibe ny ankizy koa aloha no tena henjana satria efa tena mafy ny attaque!...

16. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady amin'ny ray aman-dreninareo tsirairay avy?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation avec vos parents respectifs, si vous le permettez?

Izaho izao tsy mifandray amin'iza na iza amin'ny fianakaviako... amin'izao aza hono marary i dadanay fa aleoko tsy mankany... i nenitoanay no mba miresadresaka amiko matetitetika... fa ankoatran'izay tsy misy... aleoko mandeha irery... ny havam-badiko tsy misy eto Antananarivo intsony... ny sasany any Ambondromamy, ny sasany any Sambava... izahay aza nieritreritra hoe andeha hody any Betafo dia hamboly, nefo sarotra izany raha tsy misy sôsy kely aloha ... dia hatramin'izao aloha mbola eto ihany...

17. Mahatsapa ve ianao fa mahaleo tena tanteraka ianereo sy ny tokatranonareo?

Est-ce que votre ménage et votre couple sont autonomes?

Hatreto aloha mbola tsy nangataka teny amin'ny ara-be aho... be trova aho izao fa na dia izany aza mba manao asa tselika ihany vadiko dia misy azo raisina ihany... tsy misy mibaiko aloha ny tokan-tranonay e!... sady araka ny nolazaiko teo hoe raha ny havako izao dia tena tsy mifandray amiko mihitsy...

18. Ahoana no mba ieritreretanao ny ho avin'ny tokatanonareo?

Quelles sont vos perspectives dans votre vie conjugale?

Raha ny faniriako izao dia mandeha any an-tanindrazan'ny vadiko izahay... aleoko mihafy mamboly any fa aty toa tena grave be ny fandehany... rehefa misy vola misimisy eo dia ... nefo raha hoe vacances ny mpianatra an !... dia aleo mandeha ...

FONDATIONS FAMILIALES DES JEUNES COUPLES

ANNEXE I: ENTRETIEN INDIVIDUEL

Fiche n°3

1. Azo fantarina ve ny taonanao? Ary ny an'ny vadinao?

Est-ce que je peux connaître votre âge? Et celui de votre conjoint?

18 taona aho dia ny vadiko 20...

2. Efa niteraka ve ianareo? Raha eny dia firy?

Avez-vous déjà eu d'enfants? Si oui combien?

Vao bevohoka ny vadiko izao...

3. Avy aiza avy ianareo mivady?

Où se trouve votre origine géographique respective?

Avy eto Anosibe ... tany Ambohijafy izahay no nipetraka taloha... ny vadiko avy any Ambatolampy ry zareo...

4. Kilasy faha firy ianao no niala nianatra? Ary ny vadinao raha fantatralo?

Vous vous arrêté en quelle classe? Et votre conjoint, si vous le savez?

4ème aho no nianatra farany... izy toa tsy dia haiko loatra ... manana BEPC aloha izy e ... asa ... 3^{ème} ve sa ... andraso aloha fa anontaniako tsara...

5. Inona no asanao? Nanomboka oviana? Ary ny vadinao? Nanomboka ovina?

Quelle est votre activité professionnelle? Depuis quand? Et celle de votre conjoint? Depuis quand?

Ity no asako eto ... mivarotra mangahazo ... fa indraindray aho asain'ny olona matsaka dia ny zandriko vavy no misolo an'ahy eto... vao haingana aho no nanao an'io fa tsy maintsy manangom-bola ho an'ny zazakely... ny vadiko indray miasa any amin'ny zone ... izy ... izy indray efa ela no tany ka...

6. Taiza ianareo no nifanena voalohany?

Où aviez-vous vous rencontrés pour la première fois?

Nifanerasera teto foana izahay hatramin'ny mbola kely...

7. Tamin'ny fomba ahoana?

Dans quelle circonstance?

Tsy misy hoe fomba ahoana na ahoana fa ... asa angamba izy izay toa 26 na 25 ny andro tamin'izay... dia ilay manao arendrina dia ...ny tranonay koa ange nifanakaiky e!

8. Inona ny antony nahatonga anareo hiaraka?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à sortir ensemble?

Nifankatia izahay... bedy aloha e! ... izy bedin'ny dadany ... tokony mbola hianatra hono ... izaho bedin'ny dadanay... ny fianakaviana no ambony indrindra amiko. Tamin'izany aza mbola tena tantara be fa nanana sipa degany kely izay aho... izaho nanantena hoe raikitra ity... ...Hay kay izy sady miaraka amin'ireo «bandy» hitany any amin'ny «bara» eto amin'ny tanàna . tamin'indray maraina izay dia tratrako izy nivoaka ny «chambre» dia tonga saina izao hoe hay «revirevy» sy «sôsy» fotsiny no nilainy ahy. Kivy aho aloha tamin'izay e! Dia ahoana moa no hiarahako amin'ny olona ohatr'izany? Dia avy eo, niresaka tamin'ny namako be izay mba fitarainako hatramin'izao izaho. Afaka herinandron'ny dai nitondran'ny lery sipa izaho fa vao nahita zay aho dia ohatra hitako hoe mba sipa hendry be izany izy. Dia nataoko izay nahazoana azy. Rehefa niaraka izahay dia tsapako sambatra ery izaho dia mba nikasakasa ny hanambady azy amin'izay izaho.

9. Inona ny antony nahatonga anareo hivady?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à se marier?

Tara ny règle-ko dia tsy nanaiky dadanay fa na hotoriandy ny izy na vadiany aho...izahay rahateo moa efa nifankatia dia natao ny raharaha... fa izany aza gaigy be ny nanaovana azy... fa angaha nisy vola akory... tany amin'ny firaisansa fotsiny dia izay... fa izahay mbola mieritreritra hoe mbola hanao mariazy any ampiangonana fa tsy mbola izao izany... mbola miandry an'ity aloha...

10. Inona no atao hoe «mariazy» aminao?

Pour vous, qu'est-ce que le mariage?

Rehefa mifankatia ny olona dia manao mariazy... na rehefa bevohoka... misy koa aloha olona hoe ... mila mitokana mihitsy izy e ... izany hoe misaraka amin'ny ray aman-dreny sy ny fianakaviana dia manambady...

11. Midika inona aminao izany mariazy izany?

Que représente le mariage pour vous?

Io dia midika hoe aloha Hoe mahatokan-tena ianao e! Izany hoe ianao sy ny vadinao ... eo anatrehan'ny tany sy ny lanitra koa dia efa tompon'adraikitra ianao ... izay angamba no filazako azy...

12. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny iainanao izany hoe manambady izany?

Est-ce que vous pouvez raconter la façon dont vous vivez le mariage, si vous le permettez?

Tsy maintsy atrehina koa... fa angaha misy hoe iainana azy fa dia izao aloha dia izao ...

13. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fizotry ny fiainan-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez raconter le déroulement de votre vie conjugale, si vous le permettez?

Ny vadiko miditra amin'ny fito isan'andro... dia mahandro ny hanina hohaniny ny antoandro izy dia avy eo mandeha... izaho manomana ny entana amidiko eto... rehefa hariva dia izaho no mahandro sakafo... rehefa tsy manao heure suppl izy dia tonga aloha dia manao dômy atsy ambadika atsy na mandeha misotro toaka any amin'ny namany...

14. Mba azonao lazaina ve, raha tsy mahadiso, ny andraikitrty ny tsirairay ao an-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez citer les tâches de chacun dans votre ménage, si vous le permettez?

Samy mitady vola izahay... dia samy miezaka mitondra izay ilaina ato an-trano... rehefa kelikely aho izao hiteraka dia tsy maintsy hisy hiova indray aloha... fa ity ampianariko aloha be dia amin'izay koa aho afaka mankany amin'ny zone...

15. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady ao an-tokatrano?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation de couple, si vous le permettez?

Tsy dia mifankahita firy fa izy indraindray halina be vao tonga... rehefa alahady angaha vao mba hoe samy eto, fa amin'ny aza mbola kely ihany ny fotoana... sady izahay mbola vao haingana no hoe nivady ka tsy dia hitako loatra izay holazaina...

16. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady amin'ny ray aman-dreninareo tsirairay avy?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation avec vos parents respectifs, si vous le permettez?

Amin'izao aloha izahay tsy dia mifandray loatra amin'ny havako fa mandreraka be ilay gidragidra be... sady ny vadiko koa efa niteny fa tsy dia tia an'ny dada... dia aleonay mifitsaka aty aloha fa any aoriana any izany hita eo. Ny havam-badiko indray no misy blem indraindray... ny mamany izao dia tonga matetika eto dia mahita zavatra hotenenina foana... mandreraka be ihany ilay izy noho ny farany, fa efa noteneniko vadiko, dia nilaza fa hiresaka aminy izy aloha, ka tsy haiko ...

17. Mahatsapa ve ianao fa mahaleo tena tanteraka ianareo sy ny tokatranonareo?

Est-ce que votre ménage et votre couple sont autonomes?

Mbola miezaka aloha izao..; sady izao no vita koa atao ahoana ary ... eo tsisy hanome anao fotsiny izany eo fa tsy maintsy mitsikaraka ianao ... fa raha ny tiako aloha dia aleoko izaho ihany no ... no ... manao izay tokony hataoko e!...

18. Ahoana no mba ieritreretanao ny ho avin'ny tokatanonareo?

Quelles sont vos perspectives dans votre vie conjugale?

Atao aloha izay hahavita an'izao... avy eo aho hiasa any amin'ny zone dia hita eo indray... mieritreritra hanangana fivarotana izahay rehefa kelikely... ny an'ny vadiko hoe bar mihitsy no erotreretiny... ny an'ahy aloha epicerie dia mety e ! fa mbola miankina amin'ny vola izany koa ... ity ary tsy vita koa...

FONDATIONS FAMILIALES DES JEUNES COUPLES

ANNEXE I: ENTRETIEN INDIVIDUEL

Fiche n°4

1. Azo fantarina ve ny taonanao? Ary ny an'ny vadinao?

Est-ce que je peux connaître votre âge ? Et celui de votre conjoint?

23 dia izy 24

2. Efa niteraka ve ianareo? Raha eny dia firy?

Avez-vous déjà eu d'enfants? Si oui combien?

Efa niteraka roa, iray lahy dia iray vavy

3. Avy aiza avy ianareo mivady?

Où se trouve votre origine géographique respective?

Tany Fianarantsoa ny vadiko no teraka fa avy any Antsirabe ry zareo. Izaho tany Ambositra...

4. Kilasy faha firy ianao no niala nianatra? Ary ny vadinao raha fantatralo?

Vous vous arrêté en quelle classe ? Et votre conjoint, si vous le savez ?

3ème aho no nianatra farany... ny vadiko nanao seconde tany amin'ny lycée...

5. Inona no asanao? Nanomboka oviana? Ary ny vadinao? Nanomboka ovina?

Quelle est votre activité professionnelle ? Depuis quand ? Et celle de votre conjoint ? Depuis quand ?

Manao peta-kofehy aho dia izy izao sécurité-ny tsena... fa taloha izy sécurité-ny SAS

6. Taiza ianareo no nifanena voalohany?

Où aviez-vous vous rencontrés pour la première fois ?

Tany amin'ny mariazin'ny zokinay... mpinamana ry zareo

7. Tamin'ny fomba ahoana?

Dans quelle circonstance ?

Vavolom-belona izy tamin'izay... dia nifankahita teo dia ... raikitra!

8. Inona ny antony nahatonga anareo hiaraka?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à sortir ensemble ?

Izy hono tara tamiko... izaho aloha tsy tara taminy e! ... Efa elaela ihany no nifampijerijery teny dia ...

9. Inona ny antony nahatonga anareo hivady?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à se marier ?

Nahita an'ny zokinay lasa dia ... mahafinaritra be ny fainan-dry zareo tamin'izany... izy izao any Tamatave... manao hotely hono... assainy mankany izahay amin'ny vacances fa tsy manam-bola mihitsy... tonga ny azy dia vitavita teny daholo ny zavatra rehetra... tsy izany koa fa efa samy nahatsapa izahay fa te-hitokan-trano... Hatramin'ny nahafaty an'i mamanay dia nanambady i dadanay. ««Mandaginina»» ahy foana io ramatoa io maraina mandra-pahariva ny andro. Ohatry ny ««lagy»» izany foana izaho raha vao mijanona ao an-trano dia mitady fika hivoahana dia manararaotra mihaona aminy. Farany izaho leo ny renikeliko sy leon'ny miaina ao an-trano dia farany nanontaniako izy raha hanabady ahy fa raha tsy izany dia ekeko izay «mikaoty» ahy voalohany eo ka vonona hanabady ahy

10. Inona no atao hoe «mariazy» aminao?

Pour vous, qu'est-ce que le mariage ?

Mikambana ny olona roa dia manome tokan-trano iray... aleo mivady, toy izay misipasipa fotsiny eny dia avy eo tsy hita hoe ahoana sa ahoana...

11. Midika inona aminao izany mariazy izany?

Que représente le mariage pour vous ?

Miaraka mivelona... manao an'izay hahatafita...

12. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny iainanao izany hoe manambady izany?

Est-ce que vous pouvez raconter la façon dont vous vivez le mariage, si vous le permettez ?

Manahirana ihany satria ny ahy izao rangahy Maherihery setra izay dia ... fa ankoatran'izay ... ankinina amin'ny Tompo...

13. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fizotry ny fainan-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez raconter le déroulement de votre vie conjugale, si vous le permettez ?

Izaho rehefa hariva ihany no ato an-trano ... any an-tranon'ny patron-ko aho no manajitra. Izy eny antsena foana dia halina be koa vao mody... taloha, mbola kely izy dahy dia tato an-trano aho no niasa, fa izao efa manana fivarotana i mamanay dia apetraka ao izy... indraindray ilay lahylentin'ny dadany eny antsena...

14. Mba azonao lazaina ve, raha tsy mahadiso, ny andraikitry ny tsirairay ao an-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez citer les tâches de chacun dans votre ménage, si vous le permettez ?

Samy manana ny volany izahay... ny azy hividianana vary sy laoka... izahay tsy manofa trano... dia an'azy koa ny jiro. Ny ahy ny ambony...rehefa misy adidy amin'ny fokontany na ohatran'izany dia izy no manao azy... fa iarohana kosa raha amin'ny fianakaviana na ohatran'izany...

15. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady ao an-tokatrano?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation de couple, si vous le permettez?

Somary masitsika izay izy... dia aleoko mandefitra... mivavaka foana aho mba hoe hihafolaka izy... nefà tsy maninona izany satria lehilahy izy... sady ny asany koa ange ... mitrerotreronan an'io olona rehetra rehetra io ...

16. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady amin'ny ray aman-dreninareo tsirairay avy?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation avec vos parents respectifs, si vous le permettez?

I neny tonga ty matetika manontantintany... ny dadany koa... tsy dia misy hoe inona fa mandeha tsara ihany...Rehefa misy probléma izahay dia mankany amin-drafozako. Tsy dia resaka vola ihany ka. Vao haingana izao no narary ny zanako farany dia tany izaho no naka hevitra. Fa raha affaire an-tokatrano indray dia i mamanay no atsoiko

17. Mahatsapa ve ianao fa mahaleo tena tanteraka ianereo sy ny tokatranonareo?

Est-ce que votre ménage et votre couple sont autonomes?

Mahaleo tena izahay satria tsy miankina amin'iza na iza. Sady izay koa tsy misy hoe miditriditra amin'ny tokantranonay... samy manao ny azy dia izay...

18. Ahoana no mba ieritreretanao ny ho avin'ny tokatanonareo?

Quelles sont vos perspectives dans votre vie conjugale ?

Rehefa lehibebe ny ankizy dia hifindra trano izahay... misy problem kely ny trano ipetrahany izao satria lovam-badiko dia manjary sao dia manahirana... mbola tsy nisy niteny, fa izahay no mieritreritra hoe izay no mety... sady ny zandrin'ny vadiko koa tsy an'asa dia aleo hampanofainy io mba hisy vola kely hiditra aminy... ankinina amin'ny Tompo ny ambony fa ny olom-belona fikasàna ihany...

FONDATIONS FAMILIALES DES JEUNES COUPLES

ANNEXE I: ENTRETIEN INDIVIDUEL

Fiche n°5

1. Azo fantarina ve ny taonanao? Ary ny an'ny vadinao?

Est-ce que je peux connaître votre âge? Et celui de votre conjoint?

20 taona aho dia izy 25 taona...

2. Efa niteraka ve ianareo? Raha eny dia firy?

Avez-vous déjà eu d'enfants? Si oui combien?

Efa 2 ny zanako fa ny iray ihany no an'azy...

3. Avy aiza avy ianareo mivady?

Où se trouve votre origine géographique respective?

Izahay avy eny am-pasika... ry zareo avy any Ambohitrimanjaka...

4. Kilasy faha firy ianao no niala nianatra? Ary ny vadinao raha fantatrao?

Vous vous arrêté en quelle classe ? Et votre conjoint, si vous le savez?

4^{eme} aho no nianatra farany... izy tsy fantako tsara...

5. Inona no asanao? Nanomboka oviana? Ary ny vadinao? Nanomboka ovina?

Quelle est votre activité professionnelle? Depuis quand? Et celle de votre conjoint? Depuis quand?

Mivarotra hotely aho... efa roa taona eo ho eo izay... taloha aho niasa tany aman'olona...izy manampy ahy eto... nanomboka tamin'ny ... herintaona sy tapany angamba izay e!...

6. Taiza ianareo no nifanena voalohany?

Où aviez-vous vous rencontrés pour la première fois?

Niasa tamin'ilay patron-nay taloha izy... tamin'ny herin-taona dia...

7. Tamin'ny fomba ahoana?

Dans quelle circonstance?

Narahany foana aho tamin'izany rehefa mody amin'ny hariva ... satria manko mody ihany aho rehefa hariva ... dia noho ny farany nolazaiko azy hoe izaho anie efa manan-janaka, ... dia tsy nampaninona azy izany... dia niaraka izahay.

8. Inona ny antony nahatonga anareo hiaraka?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à sortir ensemble?

Nanana problème be izy fa tsy nisy trano nipetrahana tamin'izany... dia tany amiko izy no nipetraka. Rabainina sy rabôfy efa maty manko fa bebeanay no nipetrahako ... vao enim-bolana izy izay no maty... vao teraka ny zanako voalohany aho dia efa nitokana satria nanahirana be ilay izy... dia niara-nipetraka tao izahay... dia notezainy ny zanako... fa rehefa nahangona vola misimisy aho dia naleoko niala dia nivarotra teto... moa koa nisy blem be tamin'ny patron-ko dia naleoko niala...

9. Inona ny antony nahatonga anareo hivady?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à se marier?

Raha ny tena marina manko tsy vita raharaha izahay,... fa efa nankany amin-dra dadatoanay izy dia niteny fa hatao ny raharaha taloha... tonga ihany anefa ny zaza dia mbola eto ihany aloha... ny vola aloha tsy misy e !... fa dia efa miaraka izahay dia miaraka. Sady amin'izao aza ange... efa mba mifandray tsara amin'ny ray aman-dreniny ihany izy e! Satria bevohoka izaho dia noroahin'i dada sy mamanay dia lasa nipetraka tany amin'ny vadiko izaho. Dia rehefa teraka ny zanako dia nanararaotra ny taom-baovao izahay mba hifonana tamin-dry zero. Tsy nasiany sira anefa izany raha tsy nilaza ny vadiko fa hampiakatra ahy atsy ho atsy. Dia ohatrohatr'izay.

10. Inona no atao hoe «mariazy» aminao?

Pour vous, qu'est-ce que le mariage?

Ny mariazy dia midika hoe fifampatokisana eo amin'olon-droa miaraka... io izany tsy misy hoe ... ity an'ahy irery na ity anao irery fa ikambanana izay eo... dia miara-miaritra... miara-mizaka an'izay misy eo...

11. Midika inona aminao izany mariazy izany?

Que représente le mariage pour vous?

Raha yny marina dia tokony hoe ... any amin'ny firaisansana na any am-pianganana ange ny mariazy e! ... nefo koa raha ohatran'ny ahy izao mbola mety aloha... fa mbola ho avy ka!

12. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny iainanao izany hoe manambady izany?

Est-ce que vous pouvez raconter la façon dont vous vivez le mariage, si vous le permettez?

Aleoko misy azy izao toy izay tamin'ny hoe izaho sy ny zanako voalohany irery... tsy mbola miasa izy amin'izao fa mahavita anay ihany aloha ity dia aleo eto... hita eo ihany indray avy eo...

13. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fizotry ny fiainan-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez raconter le déroulement de votre vie conjugale, si vous le permettez?

Izy no miantsena dia izaho mivarotra... betsaka ny namany mivarotra vary na ohatran'izany dia any izahay no maka dia ... izaho no mikarakara ny eto... fa indraindray tsy arako dia tsy manampy eto izy... na hoe hitazona an'ireto zaza ireto koa aza... atsy am-badika atsy ihany izahay no mipetraka dia ny sakafy eto ihany no haninay... ilay tsy lany ... fa rehefa hoe fety ohatra dia mahandro ao an-trano ihany izahay...

14. Mba azonao lazaina ve, raha tsy mahadiso, ny andraikitrty ny tsirairay ao an-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez citer les tâches de chacun dans votre ménage, si vous le permettez?

Izaho izany no mivarotra dia izy no manao ny tokony hatao any ivelany rehetra e! ...

15. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady ao antokatrano?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation de couple, si vous le permettez?

Ohatran'ny olona rehetra ka! ... ohatran'ny olona hoe misy fifankatiavana rehetra... tsy dia hoe ahoana fa mifandray... mifanampy... Aiza moa no hisy mpivady tsy hiady izany ? Fa na izany na tsy izany mifankahazo tsara izahay.mifampizara ny alahelo sy ny hafalianay izahay dia rehefa misy tsy fifankazahoana dia miara-mitady vahaolana rehefa avy mifampivazavaza. Izahay mahita marimaritra iraisana foana ka, indrindra rehefa misy lamin'asa karakaraina

16. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady amin'ny ray aman-dreninareo tsirairay avy?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation avec vos parents respectifs, si vous le permettez?

Izao vao mba misy hoe jeren'ny fianakaviany izy... fa taloha... raha tsy teo aho dia asa angamba... fa izy indray aza no toa be ambom-po amin'izao... ny havanay tsy dia maninona loatra ... sady tsy misy azony atao fa an'ahy io... izay tiako anaovana azy...

17. Mahatsapa ve ianao fa mahaleo tena tanteraka ianereo sy ny tokatranonareo?

Est-ce que votre ménage et votre couple sont autonomes?

Tsy maintsy atao izay hahavitâna tena fa sarotra be ity... tsy misy hitsinjo anao eo raha taraiky eo ianao...

18. Ahoana no mba ieritreretanao ny ho avin'ny tokatanonareo?

Quelles sont vos perspectives dans votre vie conjugale?

Mieritriritra izahay hoe mba hatao amin'izay izay tokony hatao... fa mety mbola ho ela izany... izao aloha dia ny fiainana an-davan'andro no tena maharepotra ... hita eo ihany ny ambony...

FONDATIONS FAMILIALES DES JEUNES COUPLES

ANNEXE I: ENTRETIEN INDIVIDUEL

Fiche n°6

1. Azo fantarina ve ny taonanao? Ary ny an'ny vadinao?

Est-ce que je peux connaître votre âge? Et celui de votre conjoint?

20 taona aho izao dia ny vadiko 23...

2. Efa niteraka ve ianareo? Raha eny dia firy?

Avez-vous déjà eu d'enfants? Si oui combien?

Roa ny zanakay...

3. Avy aiza avy ianareo mivady?

Où se trouve votre origine géographique respective?

Avy any ambanivohitry Ankazobe ny fianakavian'ny vadiko dia izahay avy any Merimanjaka

4. Kilasy faha firy ianao no niala nianatra? Ary ny vadinao raha fantatrao?

Vous vous arrêté en quelle classe? Et votre conjoint, si vous le savez?

T5 aho no nianatra farany dia ny vadiko koa...

5. Inona no asanao? Nanomboka oviana? Ary ny vadinao? Nanomboka ovina?

Quelle est votre activité professionnelle? Depuis quand? Et celle de votre conjoint? Depuis quand?

Mivarotra anana izahay izao... izany hoe ny vadiko manao voasary any Ambohijafy rehefa fotoanany satria misy tanin-dry zareo any...dia indraindray izy manao asa tselika ... maçon, na manœuvre...

6. Taiza ianareo no nifanena voalohany?

Où aviez-vous vous rencontrés pour la première fois?

Tety an-tanâna tety ihany

7. Tamin'ny fomba ahoana?

Dans quelle circonference?

Nentin'ny fitadiavana dia nifanena e! ...

8. Inona ny antony nahatonga anareo hiaraka?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à sortir ensemble?

Io angaha moa misy antony hoe inona fa dia ... eo ilay hoe izay mahasoa atao'ndriamanitra... angamba... Tamin'ny voalohany dia noeritreretiko fa tsy misy atao izy fa hitako mirenireny eraky ny lalana eny. Tamin'izy «nikôty» ahy de lasa ihany ny saiko hoe ahoana ary no hataon'ity rehefa hamelom-bady aman-janaka? Dia rehefa fantattro fa kay mahazovola ihany izy amin'ny « bizina » telefaonina dia nanomboka lasa ohatry ny tiako izy. Dia rehefa avy eo, izaho ilay niady tamin'ny sipako talohany iny no nohararaotiko nisarahana mba hiarahako aminy. Dia izay! Izao izahay efa niteraka roa.

9. Inona ny antony nahatonga anareo hivady?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à se marier?

Niaraka kelikely izahay dia bevohoka an'ity zanako ity aho ... dia tsy maintsy nivady...

10. Inona no atao hoe «mariazy» aminao?

Pour vous, qu'est-ce que le mariage?

Ny olona atao mariazy dia tokony hoe olona mifankatia aloha voalohany indrindra satria ... atao ahoana ny miara-miaina tsy misy fitivana? ... mety ho sarotra ihany izany ...

11. Midika inona aminao izany mariazy izany?

Que représente le mariage pour vous?

Miaraka mivelona dia miaraka amin'ny zavatra rehetra ... angamba... eo koa ilay hoe an'ny vadiko irery aho dia ny vadiko an'ahy irery... ohatra hoe ... Tsy manao afa tsy amiko irery ihany izy dia manao matetitetika. Tsy misy fomba ahitâna hoe ahoana na ahoana fa ... Fantattro iny raha vao manao any ambadika any.

12. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny iainanao izany hoe manambady izany?

Est-ce que vous pouvez raconter la façon dont vous vivez le mariage, si vous le permettez?

Eo amin'ilay fitadiavana no tena henjana satria tsy misy fotoana hipetrahana mihitsy nefy kely ny miditra... hoy mamayan hoe amin'izao aza aho mbola tanora dia mbola matanjaka, fa asa rehefa kelikely eo... mbola iray ary izao ity tsy hitako izay atao aminy, koa ...

13. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fizotry ny fainan-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez raconter le déroulement de votre vie conjugale, si vous le permettez?

Ny vadiko no manao ny rehetra rehetra... izany hoe izy no mikarakara hatramin'ny sakafy aza indraindray... satria izaho tsy maintsy maka anana maraina be... fa indraindray koa aho mivarotra zavatra hafa etsy ananona etsy... ohatra hoe voanjo na katsaka rehefa vokatra ireny... amin'izao aloha tsy dia afaka mihetsika loatra aho satria mbola kely anaka fa teo alohaloha, na mbola tamin'ny bevohoka aza dia tena nanao zavatra be dia be... fa tsy ampy foana ny kely miditra...

14. Mba azonao lazaina ve, raha tsy mahadiso, ny andraikiry ny tsirairay ao an-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez citer les tâches de chacun dans votre ménage, si vous le permettez?

Ny vadiko izany no no ao an-trano kokoa noho izaho e!... dia izay no mahatonga ny hoe izy no manao ny an-kabeazan'ny zavatra atao ao... fa raha hoe tsy ... raha mba ... raha hoe efa lehibe ity zanako ity dia mba izaho indray no manao azy... izaho tsy maintsy mamonjy tsena sy ... dia tsy maintsy hoatran'izay alihazao...

15. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady ao an-tokatrano?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation de couple, si vous le permettez?

Arak'izay teniko izay dia fotoana vitsy ihany no ihaonana.

16. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady amin'ny ray aman-dreninareo tsirairay avy?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation avec vos parents respectifs, si vous le permettez?

Tsy dia mifandray loatra amin'ny fianakaviana izahay... raha hoe ny fianakaviam-be izny an !... fa raha hoe ny ray aman-dreny..., izahay anie mifanakaiky eto daholo ihany e !... Indraindray ry zareo tonga eto ihany manoronoro zavatra... ny rafozako moa izany dia tsy maintsy mandalo eto ihany mijery ny zafikeliny...indraindray aho somary sorena ihany fa atao ahoana moa... Hampianarina mitsitsy hono izahay ka hapetraka any amin'ny dadany ny vola angoninay hoy ny mamany. Izany aza mbola azoazo fa nisy fotoana hoy aho fa ry zareo mantsy tia mandidididy izay, dia.tara ny karaman'ny vadiko tamin'izay, efa nisy ho roa volana dia nataony niala izy dia rehefa avy teo indray izy nahita ôtômôbilina hafa ho entina dia nolazainy fa tsy tsara hono ilay patron any fa aleo mitady hafa farany dia nahita ihany Ny amin'ilay hoe vola hapetraka any teo ve? Izahay angaha maninona amin'izany fa ny ahy ny atahorako ny ho lanin-dry zareo. Nefa io izay tiany io fa angaha misy azonao atao.

17. Mahatsapa ve ianao fa mahaleo tena tanteraka ianereo sy ny tokatranonareo?

Est-ce que votre ménage et votre couple sont autonomes ?

Azo lazaina hoe mahaleo tena satria tsy misy olona miditra amin'ny tokantranonay. Izahay koa tsy mangataka n'aiza n'aiza...

18. Ahoana no mba ieritreretanao ny ho avin'ny tokatanonareo?

Quelles sont vos perspectives dans votre vie conjugale?

Vitaina aloha ny androany... ny androany aza tsy ... tadiavina androany... aleo aloha miaina fotsiny e!

...

FONDATIONS FAMILIALES DES JEUNES COUPLES

ANNEXE I: ENTRETIEN INDIVIDUEL

Fiche n°7

1. Azo fantarina ve ny taonanao? Ary ny an'ny vadinao?

Est-ce que je peux connaître votre âge? Et celui de votre conjoint?

20 taona aho... ny vadiko 19 taona...

2. Efa niteraka ve ianareo? Raha eny dia firy?

Avez-vous déjà eu d'enfants? Si oui, combien?

Tsy mbola niteraka... vao any an-kibony any izao no misy...

3. Avy aiza avy ianareo mivady?

Où se trouve votre origine géographique respective?

Avy eto Antananarivo daholo izay ka!

4. Kilasy faha firy ianao no niala nianatra? Ary ny vadinao raha fantatrazo?

Vous vous arrêté en quelle classe? Et votre conjoint, si vous le savez?

Izaho aloha tsy dia nianatra firy e! Izy no tody 3ème.tsy dia nianatra loatra izahay satria sarotra ny fiainana...

5. Inona no asanao? Nanomboka oviana? Ary ny vadinao? Nanomboka ovina?

Quelle est votre activité professionnelle? Depuis quand? Et celle de votre conjoint? Depuis quand?

Manao taxiphone aho izao dia ny vadiko ay an-trano...

6. Taiza ianareo no nifanena voalohany?

Où aviez-vous vous rencontrés pour la première fois?

Nisy fety izay tany Anosizato dia niaraka tany izahay dia tany no nifankahita...

7. Tamin'ny fomba ahoana?

Dans quelle circonstance?

Samy nitondra revy dia nakambana avy eo...

8. Inona ny antony nahatonga anareo hiaraka?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à sortir ensemble?

Satria tiako izy koa! ...

9. Inona ny antony nahatonga anareo hivady?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à se marier?

Nisy an'ity zavatra ity dia tsy maintsy nivady... Tadidiko tsara fa mpisipa ohetry ny Ra-cousin-nay mivady izahay, nivady roa volana talohanay rehefa niaraka telo volana. Tonga saina tamin'io izahay roa ka nanomboka tsy mipetraka tany amin'ny Ray aman-dreninay intsony fa nanofa efitra kely tatsy ambadika tatsy. Dia i dadanay koa moa nandalo tany aminay, dia niteny hoe aleo hono manao mariazy fa mahamenatra ny mijery anay ohatr'izao nefy ny zanaky ny zandriny lahy avy nohamasinina tany ampiangonana. Tamin'izany koa moa izahay roa samy niasa tany amin'ny zôna de mba afaka nanao izany tamin'ny vola kely nangoninay

10. Inona no atao hoe «mariazy» aminao?

Pour vous, qu'est-ce que le mariage?

Mariazy? ... Izany ve tsy any am-piangonana?

11. Midika inona aminao izanymariazy izany?

Que représente le mariage pour vous?

Midika fa hoe eken'Andriamanitra ny ... fiarahanay...

12. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny iainanao izany hoe manambady izany?

Est-ce que vous pouvez raconter la façon dont vous vivez le mariage, si vous le permettez?

Tsy hitako hoe inona no tantaraina fa izao no misy... mitady vola isan'andro isan'andro... tsy maha velona mihitsy izao atao rehetra... sarotra koa ny fiaianana e!...

13. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fizotry ny fiaianan-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez raconter le déroulement de votre vie conjugale, si vous le permettez?

Izahay izao manko mbola ao an-tranon-drafazoko no mipetraka, satria mbola ... mbola lafo loatra ny hofan-trano... sady raha misy vola ho an'izany aza, aleo hikarakarana fiterahana aloha ... dia miray sakafo ao izahay, fa ny efi-trano ihany no mitokana...

14. Mba azonao lazaina ve, raha tsy mahadiso, ny andraikitrty ny tsirairay ao an-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez citer les tâches de chacun dans votre ménage, si vous le permettez?

Tsy misy hoe ity an'ny anona na an'ny anona fa tsy maintsy samy manao io... Amin-drazoky, efa manam-bady ve izaho dia mbola hanasa lamba sy hahandro ihany? Amiko aloha dia ny mitady vola no andraikitrty ny lehilahy mba haina tsara ny fianakaviany. Araky ny fandinihako dia mety tsara amin'ny vehivavy ny mijanona ao an-trano ra miasa ara-dalàna ny vadiny. Tsy azo lazaina hoe mahavelona anay ny karamako fa aleo aloha handeha amin'izao toy izay mahita ny vadinao mijaly any amin'ny « zone ». Sady raha miasa izy dia iza indray no hanao ny raharaha ao an-trano?

15. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady ao an-tokatrano?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation de couple, si vous le permettez?

Tsy misy dia ambara be hoe ahoana na ahoana fa mifandray ohatran'ny mpivady rehetra koa !... ohatrann'y olon-drehetra ... Tsy hitako ny tsy maha-normal an'izany rehefa mitondra vola mody hatrany izaho. Sady dia ho trondro fôna ve ny laoka é! Mba mila mihinana foza orana koa indraindray sady tsy hitako koa ny mahadiso ny mba mitsaingotsaingoka kely any amin'ny sisiny. Tsy misy bedy oi

16. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady amin'ny ray aman-dreninareo tsirairay avy?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation avec vos parents respectifs, si vous le permettez ?

Tsy misy olana koa ny amin'ny satria mifandray tsara daholo izahay... ny ...Ny an'i mamanay hatramin'ny bakiraroko avy ary ahitany kihana. Izy manko vao maraina dia efa ao. Ao izy no misotro kafé maraina. Raha mba misy ketrikay mivady ka henony dia kianiny foana, sady tsy manaiky mihintsy izy. (...) Farany moa dia tsy maintsy arahina ny teniny fa ray amandreny izy ka indraindray izahay mivady indray no lasa miady

17. Mahatsapa ve ianao fa mahaleo tena tanteraka ianereo sy ny tokatranonareo?

Est-ce que votre ménage et votre couple sont autonomes ?

Raha izao aloha dia hoe tsy mahaleotena satria izahay aza mbola any amin'ny ray aman-dreny no mipetraka... fa mieritreritra izahay hoe rehefa teraka ka lehibebe ny zaza dia hifindra any Ambohotrimanjaka fa any misy tanin'ndry zareo...

18. Ahoana no mba ieritreretanao ny ho avin'ny tokatanonareo ?

Quelles sont vos perspectives dans votre vie conjugale ?

Ka io tsy maintsy mandeha ka... angaha misy a'izany hoe izao na izao izany ?... rehefa tsy maintsy atrehia dia tsy maintsy atrehina ...

FONDATIONS FAMILIALES DES JEUNES COUPLES

ANNEXE I: ENTRETIEN INDIVIDUEL

Fiche n°8

1. Azo fantarina ve ny taonanao? Ary ny an'ny vadinao?

Est-ce que je peux connaître votre âge ? Et celui de votre conjoint ?

Samy 24 taona izahay

2. Efa niteraka ve ianareo? Raha eny dia firy?

Avez-vous déjà eu d'enfants ? Si oui combien ?

Roa ny zanako izao, dia ity ny fanintelony... asa mety amin'ny volana janvier any ity no tonga...

3. Avy aiza avy ianareo mivady?

Où se trouve votre origine géographique respective ?

Izahay taloha teny Isotr no nipetraka dia nifindra taty... asa ... fito taona angamba izay... tranon'ny dadanay no nipetrahany tany... dia noho ny nisaraka dadanay sy mamanay dia nanaraka an'ny mamanay taty izahay ... telo mianadahy izahay... ny vadiko avy eto Antananarivo ihany...

4. Kilasy faha firy ianao no niala nianatra? Ary ny vadinao raha fantatrao?

Vous vous arrêté en quelle classe ? Et votre conjoint, si vous le savez ?

Izaho ve? niala izaho rehefa tsy tafiditra 6^{ème} fa tsy afaka niantoka anay tany amin'ny privée i mamanay. I ramosé indray nijanona tamin'ny 4^{ème}. Nanambady olona ambony diplôma? Koa tsy nataony andevokeliny tany sady ny fianakaviany koa ve tsy hianjonanjona amiko. Sady hataony inona koa izay za é. Aleo ihany amin'izao ka.

5. Inona no asanao? Nanomboka oviana? Ary ny vadinao? Nanomboka ovina?

Quelle est votre activité professionnelle ? Depuis quand ? Et celle de votre conjoint ? Depuis quand ?

Ny vadiko receveur any amin'ny 110. Dia izaho mivarotra eto... légumes sy voankazo...

6. Taiza ianareo no nifanena voalohany?

Où aviez-vous vous rencontrés pour la première fois ?

Tety an-tsena tety izahay no nifanena voalohany... fa inona no ilànao an'izany? ...

7. Tamin'ny fomba ahoana?

Dans quelle circonstance ?

...

8. Inona ny antony nahatonga anareo hiaraka?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à sortir ensemble?

Fa angaha ny olona miaraka raha hoe tsy mifankatia ?

9. Inona ny antony nahatonga anareo hivady?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à se marier?

Aleo an-tokantrano toy izay miankina amin'olona foana ... Efa ho herintaona izay no nanambady ilay namako be tany aminay. Dia rehefa mifanena izaho sy izy, tamin'izaho mbola tsy nanambady, dia resahiny foana ny fiainany mafinaritra ao an-trano. Tamin'izay no nitsity tao an-dohako ny hanambady, sady izahay mivady efa nisipa raha teo. Hitako koa indraindray fa lasa tsy dia miaraka amiko loatra ilay namako raha tsy efa nanambady koa izaho.

10. Inona no atao hoe «mariazy» aminao?

Pour vous, qu'est-ce que le mariage?

Ilay atao any am-piagonana ve? ...

11. Midika inona aminao izany mariazy izany?

Que représente le mariage pour vous?

Hoe mifanaiky fa hiaraka koa! ...

12. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny iainanao izany hoe manambady izany?

Est-ce que vous pouvez raconter la façon dont vous vivez le mariage, si vous le permettez?

Sarotra be aloha e! ... tsy maintsy mitady vola ianao... dia tsy afaka koa hoe manao ny sitra-ponao intsony...

13. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fizotry ny fiainan-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez raconter le déroulement de votre vie conjugale, si vous le permettez?

Samy miainga maraina dia mody rehefa ariva koa inona indray ary...izy indraindray mbola mandeha any amin'ny namany any fa izaho no tonga dia efa any an-trano foana ...

14. Mba azonao lazaina ve, raha tsy mahadiso, ny andraikitry ny tsirairay ao an-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez citer les tâches de chacun dans votre ménage, si vous le permettez?

Ny lehilahy mitady vola... izay no tena marina ... izy no mitady ny vary sy ny sisa fa izaho no miantoka ny laoka ... ny anay io efa nifanarahana mihitsy ... dia samy mandeha milamina amin'izao... fa mbola izy koa no miantoka ny ampahany betsaka amin'ny adidy...

15. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisareo mivady ao an-tokatrano?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation de couple, si vous le permettez?

Mifandray tsara izahay ka!... tsy hoe miadiady fa ... indraindray ihany rehefa mampivonto fo ny ataony... ohatra hoe mamo avy any izy na ... dia izay vao hoe misy anona fa raha tsy izay tsy misy hoe ady manao ahona.

16. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisareo mivady amin'ny ray aman-dreninareo tsirairay avy?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation avec vos parents respectifs, si vous le permettez?

Mifandray tsara daholo izahay ka... neverinao angaha fa raha hoe izahay mivady irery dia hahavita an'izao... fa tsy maintsy hoe hifanampiana ilay fiainana...

17. Mahatsapa ve ianao fa mahaleo tena tanteraka ianereo sy ny tokatranonareo?

Est-ce que votre ménage et votre couple sont autonome ?

Mahaleotena satria ... tsy azo lazaina hoe mahavita tena an... fa mahaleo tena hoe ... tsy mangataka any amin'iza na iza aloha e! ...

18. Ahoana no mba ieritreretanao ny ho avin'ny tokatanonareo?

Quelles sont vos perspectives dans votre vie conjugale?

Dia tsy haiko fa mbola tsy nandinika ani'izay mihitsy aho ...izay mahasoa ataon'Andriamanitra e!

FONDATIONS FAMILIALES DES JEUNES COUPLES

ANNEXE I: ENTRETIEN INDIVIDUEL

Fiche n°9

1. Azo fantarina ve ny taonanao? Ary ny an'ny vadinao?

Est-ce que je peux connaître votre âge? Et celui de votre conjoint?

Izaho 19... ny vadiko 25

2. Efa niteraka ve ianareo? Raha eny dia firy?

Avez-vous déjà eu d'enfants? Si oui combien?

Efa niteraka iray izahay fa any amin'ny mamanay izy izao... mbola vao 3 volana...mikohaka be izy dia tsy antiko eto an-tsena eto aloha....

3. Avy aiza avy ianareo mivady?

Où se trouve votre origine géographique respective?

Samy avy any Imerintsatosika izahay...

4. Kilasy faha firy ianao no niala nianatra? Ary ny vadinao raha fantatrazo?

Vous vous arrêté en quelle classe ? Et votre conjoint, si vous le savez?

Izaho 4^{ème} dia izy 3^{ème} no nijanona

5. Inona no asanao? Nanomboka oviana? Ary ny vadinao? Nanomboka ovina ?

Quelle est votre activité professionnelle ? Depuis quand ? Et celle de votre conjoint ? Depuis quand?

Mivarotra eto ah aloha izao fa mieritreritra ny hianatra zaitra aoamin'ny ECOVA... ny vadiko manao manœuvre ao an-tsena...

6. Taiza ianareo no nifanena voalohany?

Où aviez-vous rencontrés pour la première fois?

Efanifankahalala taloha tany Imerintsatosika izahay...fa taty vao niaraka...

7. Tamin'ny fomba ahoana?

Dans quelle circonstance?

Mpanao y fivarotan'y mamanay izy taloha ... teto an-tsena teto ihany... dia izay no nifankahalalanay... tsy mivarotra intsony i mama fa... narary izy... izaho vao haingana ihany no teto fa taloha aho niasa tany amin'olona...

8. Inona ny antony nahatonga anareo hiaraka?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à sortir ensemble?

Nahafinaritra ahy izy dia niaraka taminy aho... tamin'izany aza bedy be fa tsy noraharahiako.. ; dia izao!...

9. Inona ny antony nahatonga anareo hivady?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à se marier?

Tsy tsy natao raharaha izahay fa ... bevohoka aho...

10. Inona no atao hoe «mariazy» aminao?

Pour vous, qu'est-ce que le mariage?

Atao raharaha dia miara-mipetraka...

11. Midika inona aminao izany mariazy izany?

Que représente le mariage pour vous?

Hoe tsy eo amin'ny ray aman-dreny intsony...efa mitokan-trano...

12. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny iainanao izany hoe manambady izany?

Est-ce que vous pouvez raconter la façon dont vous vivez le mariage, si vous le permette ?

Tsy hitako izay holazaina... amin'izany...

13. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fizotry ny fiainan-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez raconter le déroulement de votre vie conjugale, si vous le permettez?

Izahay izao efa mitokan-trano... ny vadiko no mandoa ny hofany... izaho hatramin'ny nahabevohoka ahy no nivarotra teto... tsy nety nandray ahy intsony ny mpampiasa ahy taloha satria bevhoka aho... dia tsy maintsy nitsikaraka...

14. Mba azonao lazaina ve, raha tsy mahadiso, ny andraikirity ny tsirairay ao antokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez citer les tâches de chacun dans votre ménage, si vous le permettez?

Ny vadiko no mitady vary... dia izaho no mitady laoka... izany hoe izahay tsy manofa trano fa tranon-dry dadanay ihany no ipetrahanay... mieritreritra ny hitady toeran-kafa anefa izahay fa ... indraindray izy hilan'ny dadanay vaniny dia ... leo be izy fa tenitenenin'ny mamanay foana... vao omaly izao ry zareo no niady be tao... izaho tsy te-hahalala satria mbola kely ny zanako ka ho aiza eo izahay? ...

15. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady ao antokatrano?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation de couple, si vous le permettez?

Izahay tsy maninona fa ny havako no tena manahirana indraindray satria ... tsy dia tena tian-dry zareo izy...

16. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisanareo mivady amin'ny ray aman-dreninareo tsirairay avy?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation avec vos parents respectifs, si vous le permettez?

Izahay mifandray tsara amin'ny havany ka... tsy misy olana ny any... indraindray aza ry zareo tonga any an-trano dia manao fety kely izahay... fa ny havako no tena manahirana...

17. Mahatsapa ve ianao fa mahaleo tena tanteraka ianereo sy ny tokatranonareo?

Est-ce que votre ménage et votre couple sont autonomes?

Tsy mahaleo tena aloha e !... mbola tsy hoe any amin'ny tranonay aloha izahay no mipetraka... fa mieritreritra ny hanao trano any Ampitatafika izahay...

18. Ahoana no mba ieritreretanao ny ho avin'ny tokatranonareo?

Quelles sont vos perspectives dans votre vie conjugale?

Rehefa lehibe ny zanako dia alefako hianatra... dia hianatra zaitra aho fa misy volabe hono io amin'izao... dia ny vadiko koa mieritreritra ny hiditra ao amin'ny Colas ...

FONDATIONS FAMILIALES DES JEUNES COUPLES

ANNEXE I: ENTRETIEN INDIVIDUEL

Fiche n°10

1. Azo fantarina ve ny taonanao? Ary ny an'ny vadinao?

Est-ce que je peux connaître votre âge? Et celui de votre conjoint?

22 taona aho ... izy 23 tamin'ny fevrier teo...

2. Efa niteraka ve ianareo? Raha eny dia firy?

Avez-vous déjà eu d'enfants? Si oui combien?

Efa iray ny zanakay...

3. Avy aiza avy ianareo mivady?

Où se trouve votre origine géographique respective?

Ny vadiko avy eto Antananarivo fa izahay avy any Amboasary... Amboasary any Anjozorobe...

4. Kilasy faha firy ianao no niala nianatra? Ary ny vadinao raha fantatrao?

Vous vous arrêté en quelle classe? Et votre conjoint, si vous le savez?

3è dia ny vadiko efa nanao seconde...

5. Inona no asanao? Nanomboka oviana? Ary ny vadinao? Nanomboka ovina?

Quelle est votre activité professionnelle? Depuis quand? Et celle de votre conjoint? Depuis quand?
Tsy miasa aho izao fa vao mitady... fa mandrapaha aloha dia manao gargotte kely eto aho...ny vadiko manao garage...efa ela be izy no nanao an'io...

6. Taiza ianareo no nifanena voalohany?

Où aviez-vous vous rencontrés pour la première fois?

Teto an-tanaàna ihany...

7. Tamin'ny fomba ahoana?

Dans quelle circonstance?

Samy ankizikizy teny teny dia niaraka koa....

8. Inona ny antony nahatonga anareo hiaraka?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à sortir ensemble?

Nifankatia izahay dia niaraka...

9. Inona ny antony nahatonga anareo hivady?

Quel(s) est (sont) le(s) motif(s) qui vous pousse(nt) à se marier?

Efa samy lehibe dia natao ny raharahanay...

10. Inona no atao hoe «mariazy» aminao?

Pour vous, qu'est-ce que le mariage?

Rehefa hitokan-trano dia atao ny mmariazy...efa lehibe koa dia tsy mety ny hoe miarakaraka fotsiny...

11. Midika inona aminao izanymariazy izany?

Que représente le mariage pour vous?

Midika hoe efa matotra dia mameleon-tena amin'izay...

12. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny iainanao izany hoe manambady izany?

Est-ce que vous pouvez raconter la façon dont vous vivez le mariage, si vous le permettez?

Tsy misy hoe zavatra inona fa ilay hoe ... tsy afaka mipetrapetraka fotsiny ianao fa tsy maintsy manao zavatra foana...

13. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fizotry ny fiainan-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez raconter le déroulement de votre vie conjugale, si vous le permettez?

Izaho izao mahandro sakafo ato an-trano foana... dia mitady asa ihany aho rehefa misy.... Miaraka amin'ny namako atsy am-badika atsy... Amin'ny efatra izaho dia mifoha isanandro dia mikarakara ny sakafonay sy ny hamidy dia eo amin'ny dimy eo izaho no mamoha tsena. Afaka adiny iray eo izy vao mifoha dai manatitra an-janakay mianatra. Raha ny tena marina dia maka sy manatitra io zaza io ihany no tena mba ataony fa rehefa ato an-tsena izy dia mihodikodina ato fotsiny nefo ato mila rano betsaka hanasana vilia sy handrahoana ka rehefa reraka izaho dia manakarama ny zana-drahavaviko.

14. Mba azonao lazaina ve, raha tsy mahadiso, ny andraikitry ny tsirairay ao an-tokatranonareo?

Est-ce que vous pouvez citer les tâches de chacun dans votre ménage, si vous le permettez?

Samy manao izay vitany... izy aloha izao no mitady vola... izaho izany mitaiza fotsiny...

15. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisانareo mivady ao an-tokatrano?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation de couple, si vous le permettez?

Tsy dia misy hoe inona... mivady izahay dia ohatran'ny mpivady rehetra ihany... misy hoe miadiady kely indraindray... izy sarotiny be amin'ny fitaizana...

16. Mba azonao tantaraina ve, raha tsy mahadiso, ny fifandraisانareo mivady amin'ny ray aman-dreninareo tsirairay avy?

Est-ce que vous pouvez raconter comment se passe votre relation avec vos parents respectifs, si vous le permettez?

Eo izao no misy mahakamo kely satria a'izaho ilay tsy miasa dia tenintenenin'ny mamany sy ny anabaviny... fa ankoatran'izay tsy misy n'inon'inona...

17. Mahatsapa ve ianao fa mahaleo tena tanteraka ianereo sy ny tokatranonareo?

Est-ce que votre ménage et votre couple sont autonomes?

Mahaleo tena ihany izahay aloha... mahitahita vola eny ihany izy... fa raha miasa aho no tena mety... sady rehefa hianatra izao ilay boaykely dia mety hanahirana... fa izahay tsy hoe mifangaro amin'iza na iza...

18. Ahoana no mba ieritreretanao ny ho avin'ny tokatranonareo?

Quelles sont vos perspectives dans votre vie conjugale?

Mety raha mba hoe mifindra trano izahay fa ratsy be eo akaikinay amin'izao... tsy misy milamina mihitsy eo fa ... korontana be foana... misy bar manko eo akaikinay...

FONDATIONS FAMILIALES DES JEUNES COUPLES

ANNEXE II : Transcription du focus group

Durée de l'entretien : 1 heure

A = Animateur

P = Participant

Participants :

P1 : Jocelyn

P2 : Herimanjaka

P3 : David

P4 : Monja

P5 : Antonin

P6 : Arifetra

DISCUSSIONS:

A : Voalohany indrindra aloha dia misaotra antsika rehetra ... nahafoy fotoana ... anaovana an'izao resadresaka kely izao ... efa noteneniko tamin'ny voalohany teo ihany moa ny anton'izao ... zavatra ataontsika izao, ka tsy hiverenako instony. Mazava ho azy fa ohatran'izay ihany koa ny mikasika ny fifandaminantsika mandritra ny fotoana iresahana... hiditra amin'ny fizarana voalohany ary isika, dia ny resaka mikasika ny tontolon'ny fitiavana.

Thème I-L'amour

Q1.- A : Horesahintsika voalohany ary ny mikasika ny fitiavana... izany hoe ... Aminareo izao, ... inona no tena mahatonga ny olona roa hiaraka...? ... izany hoe ... ny mahatonga ny mpisipa izany na ny mpivady e! ... asa ... iza no hamaly voalohany ... P1?

P1: Raha izaho manokana aloha dia tokony hoe ny fitiavana e!

A: Ny fitiavana? ... Izany hoe...

P1: Rehefa mifanintonia dia miaraka ko! ...

A: Ka eo indrindra... iona no tena mampifanintonia ny olona roa ?

P4: Tsy maintsy nisy fitiavana aloha tao e!... raha fiarahana tsy misy fitiavana toa tsy mety...

P5: Za koa mitovy hevitra amin'izay nefo koa misy ihany zavatra sasantsasany mahatonga an'io, ohatran'ny hoe... ohatra hoe ... mitovitovy ilay olona dia miaraka....

A: Ahoana izao ny hevitritsika amin'nizay tenin'ny P5 izay? Inona no mety hoe mahositona ny olona roa miaraka?

P6: Marina fa ny fitiavana no ambony indrindra amin'ny fiarahana, kanefa ilay olona tia dia tokony mba hijery ny endrika amam-bikan'ilay olo-tiany

P2: Izaho indray anefa mahita fa matetika ny fiarakarohana no mitarika ny zavatra rehetra

A: Fiarakarohana ohatran'ny hoe ahoana izany?

P2: ... Misy ny olona ... tsy nisy tanjona loatra fa niarakaraka teny fotsiny dia avy teo tena raikitra ... (rires) ... misy aza ange olona tena tsy mitovy toetra sy fainana mihitsy nefo lasa mpivady e!

P1: Tsy maintsy misy marimaritra iraisana fa ahoana kosa no olona tsy mitovy no hiaraka!? ...

P4: Marina daholo izany nefo aza hadinoina fa ny faha samy hafany no mampifikatia ny olon-droa; Io no manamafy ny fiarahany

Q2.- A: ... fa araka ny fahitanareo azy ... ahoana no amaritana ny hoe fahasamihafana ... zany hoe ... iza no ... taiza no voafaritra hoe samihafa ireto olona ireto ? ...

P3: Raha ny fijeriko azy aloha dia mitovy daholo ny olona e! Fa ny fomba fijery no samihafa, ka ny fiaraha-monina no tena mamestraka an'izay. Raha olona hivady izao dia misy ny sasany milaza hoe tsy maintsy olona mitovy saranga aminao no alainao ho vady...raha tsy izany ianao ho sahirana eo ... misy aza menatra mihitsy ny amin'io...

A: ...P4...?

P4: Ny amin'izay kosa aloha dia marina e!. Misy fianakaviana efa nilaozan'ny toe-trandro ka manery ny zanany ny amin'nizay tiany ... nefo hitako fa rehefa mifankatia ny olona dia tsy voatàna...

Q3.- A: raha azoko tsara izany, dia ... eo aloha ny fitiavana ... dia manaraka avy eo ny fitoviana ... izany hoe ny fanapahan-kevitra hivady ve izany tsy miankina irey amin'ireo olondroa ? ... Asa, izo no manan-kevitra amin'izay...? ... P 8?

P8: raha ohatran'ahy aloha, ... ny fijeriko azy ... izy roa ihany no tompon'ny teny farany ... nefo ... misy kipitsopitsony maromaro mahatonga ny hoe ... tsy ny sitrapony no atao...

A: Mety ho inona ohatra ireo kipitsopitsony ireo?

P8: Asa ... ohatra hoe matahotra ny raiamandrenin'ilay sipa dia ataony izay hanambadian'ny zanany haingana ... (rires)...

P6: Marina izany.... sady amin'izao ange hono efa ... toa ohatran'ny ... manambady aloha be ny ankizy e! ... Ohatran'ny hoe ... hafa ny andro taloha izany e!... toa izay indray izao no ... lamôdy ... (rires)... Ny sasany aza matahotra hoe sao dia mihodina ny sipany dia aleo tonga dia vadina haingana ... sao mangaina eo...

A: Eo amin'izay fanambadiana izay indrindra ary no hidirantsika...

Thème II-Le mariage

Q 4 .- A : inona ary no mety ho fiantraikan'izay toe-javatra izay, ... ahhh... eo amin'ny fiainan-tokantrano e? ... izany hoe... misy ambara ve ianareo mikasika an'izay ?... P1?

P1: Ny hitako aloha dia ... mhhh... misy akony ilay izy any amin'ny ... lafiny fiainana an-davan'andro e!

...

A: Afaka azavainao misimisy kokoa ve? ...

P1: Izany hoe ... ny fiainana izao efa sarotra dia ... na ny mitady vola hohanina isan'andro aza efa gaigy be ... fa ... misy manko ... amin'izao koa manko ... na i madama aza efa tsy maintsy manampy eo amin'ny fampidiram-bola... idindra raha misy ankizy ao an-trano...

P2: Marina izany... tsy misangisangy ny fiaianana... raha tsy mihetsika ianao dia taraiky eo! ...

A: Fa inona no fiantraikan'izay eo amin'ny fiainan'ny mpivady? ... P5?

P5: Raha alohaloha ny fanambadiana ... izany hoe mbola tsy matotra tsara ny fifandraisan'izy roa dia mety ... hanahirana ...

A: Inona no tena fitrangan'izay? ...

P5: Ohatra hoe ... mbola tsy tena nahavita tsara ny sitra-pony ... (rire général) ... ah. Ah !, marina izany ka!

Q5.-A: I P5 izany mieritreritra hoe ... tsy ampy ilay fifankatiavana fotsiny? ...lazalazao hoe ny zava-mitrange any amin'ny manodidina anareo any ...

P5: Mila fahamatorana io fa tsy hoe izay te-hanambady dia mankany amin'ny firaosana dia misoratra! ...

Dia avy eo misaraka fa ... tsy tamàna ny iray ...

P3: Raha izaho aloha ... aleoko lavitra aza mitandrina amin'izay lafiny izay, ... satria ilaina ny fifampatokisana e!

A: Fifampatokisana amin'ny lafiny inona ohatra?

P3: Possible mihitsy hoe misy miodina foana ny iray amin'ny mpivady izao ... ny lehilahy aloha no tena tsy mahatàna tena e! ... Fa rehefa ny vehivavy koa no manao an'izay , ... tsy mahatanty ny bandy... dia ireny koa no tena mahatonga ny gidra be... ny any amin'ny tanàna izao io matetika no tena blem... nankary kely rangahy dia tratran'ny madama... avy eo manao koa i madama dia raikitra ny tantara.

P4: Koa rehefa tsy mahafa-po ve tsy ... (rires)...nefa ny mahagaga ange betsaka ny koaitra eran'ny tanàna e! ... Maninona raha mankany amin'ireny rehefa tena hoe tsy tantz? ...

A: Ahoana indray izay hevity P4 izay? ...

P4: Za manao étude hoe ... ny étude-ko izany hoe ... aleo rangahy hiodina rehefa izay no mahasalama an! .fa saingy fotsiny hoe ... ny koaitra anie tsy lafo e ...! (rire général)

Q6.-A: tena eritrerity P4 ve izay sa ... ahoana izany ry P2? ... ianao manko henoko teo nanatsidika ny hasarotrin'ny fiainana amin'izao ... ahoana ny eo amin'ny lafiny fifanajan'ny mpivady?

P1: Raha izay moa no mampiety azy ... tsy azo ekena anefa izany... tsy aleo ve ny ao an-trano no atao milay dia mba tamàna ao daholo ...

P2: Ka raha tsy manome ramatoa dia ahoana? ...

P4: Izay koa no ilazako hoe ...

P3: Sss, mandany vola fotsiny izany ry zalahy à! Aza miditra amin'izany. Sady ialahy isany tanora ireto mihintsy anié no manaparitaka aretina amin'ity fikan'ialahy isany mandehandeha ity é! Tsy misy mahasolo ny ao an-trano ihany ry zalahy à. Ireny vadivady kelin'ialahy isany sy ireny sipasipan'ialahy isany ireny angaha hanampy an'ialahy isany rehefa misy probléma ialahy isany? Ny vady ihany letsy à! ... (rire général)

A: Inona no mahatonga an'i P3 hiteny an'izay?

P3: Mbola tsy hitanareo manko ilay hoe ... nandray vola androany dia ... nirevirevy kely dia ... nahitahita "tsain"-kely tany dia ... nanala azy, dia ny maraina clou sisa entina mody ... (rire général)

A: Fa zava-misy izany? ...

P3: Bobaka aloha nyefa hitako e! ...

A: Ny an'ny lehilahy izao ohatran'izay, ... fa ny an'ny vehivavy ohatran'ny ahoana?

P1: Ny an'ny sipa matetika any am-piasàny any izy no misy mikaoty dia lasa... mody fanina be izy any an-trano... nefo koa indraindray io ataony ahazoana sôsy kely... misy ny bandy tsy mahatanty raviravizana ...

A: Niresaka fahafaham-po i P4 teo... ahoana ny momba an'izay? ...

P4: Tsy hoe tsy afa-po rangahy fa mitady revy a! Ny sipa manao an'izany mirevy fotsiny...

P2: Ka matoa angé izy manao an'izany dé misy tsy milamina ao antrano ao é! Mety hoe mitaraina vizaka fona rafotsy isak'alina dé tsy mi-ouvre. Aiza koa moa no ahafatarana raha mizara any iveleny any koa rafotsy dia tsy manome an-dram's intsony na gôdraka avy ni-livre. Dia tsy hitako fa efafanaovana izany ny an-dry zareo.

P4: Raha izay angaha dia ie! ...

P5: Ohatra ahy izao, voatery miasa mafy izaho hatramin'ny na ha bevo hoka an-drafotsy. Ataoko baholo izay asaina ataoko ankoatry ny mangalatra. Hahazo «boay kely» izaho izao de ataoko daholo izay azoko atao mbaahasambatra an'ny «clery» fa tsy ohatra ahy tamin'ny kely. Ny ahy ataoko izay hampiety ny ao an-trano... rehefa ampy rangahy ny ao tsisy miodina izany ah! ...

P2: raha ampy...!

A: eny ary tena izay resadresaka izay mihitsy no ilaina amin'ity resadresaka ity! ... Hiditra amin'ny fizaràna manaraka indray aloha isika ...

Thème III-L'autonomie

Q7.- A: voalaza teo ary fa sarotsarotra ny hoe manambady aloha be ... voateny koa ny hoe ... sarotra ny mitady vola... sy ny manao hoe ... ho tonga lafatra ny ao an-trano... ahoana ary no atao mba hampandeha ny fiainana ... mba hoe hisy zavatra mandeha fa tsy dia ho korontana be? ...asa ... iza no hamaly voalohany?

P4: Eo koa ange ilay ilaina ny mifampiresaka e! ...

A: Iza no mifampiresaka? ...

P4: Ny mpivady indrindra indrindra... fa eo koa ilay hoe mba maka toro-hevitra kely ihany indraindray any amin'ny bainina sy bôfy na any amin'olon-kafa! ...

A: Dia ahoana ilay hoe ny tokantrano tsy ahahaka? ...

P5: Tsy mahavita tena ianao aloha e! ... tsy maintsy hoe misy angalàna hevitra kely ihany ... ohatran'ahy izao... ny bôfin'ny sipa mihitsy indraindray no tonga dia miteny ... i Bainina tsy dia kobo loatra fa ny vadin'ny rahavavin'ny vadiko debadeban'ny Colas any no tena mba ... ananovan'ileiry ... (ries)

P1: Raha ny tena marina aleo ihany ny mpivady no tena miandraikitra ny momba azy! ...

Q8.-A: izay indrindra... ahoana ny fahatsapanareo an'izany hoe mpivady mahaleo tena izany... ahoana ny lafin'ny fahaleovan-tena? ...

P6: Ohatran'ny tsy azo ilay zavatra tadiavinao...

A: Izany hoe ... niresaka isika teo hoe ... sarotra ny manam-bady aloha be ... ahoana ary ny momba ny hoe ... mahaleo tena ... tsy misy fiantraikany eo amin'ny fiainana an-davan'andro ve ... voaresaka teo fa indraindray "mitady vola" any ivelany ramatoa...

P6: Hay ve e! ... ny fidirana ao amin'ny tokantrano anie mila fahavononana raha ny tena izy e! ... iza moa no haniry hoe ... haniry hoe... hoe ... hahantra na tsy banana... nefo ...

P5 : Ka ilay izy manko tsy azo atao hoe dia tena hahavita tena ianao ... fa misy foana ny zavatra tsy maintsy hijerevanao ... ny ... mpiara-monina ... ohatranay izao miezaka aho mba tsy dia hitaditady be loatra any amin'ny havam-badiko izy, nefo indraindray misy zavatra tsy azo ialana amin'izay...

A: Fa raha ny fijerinareo azy... raha manambady aloha ve ny olona roa ... manao ahoana ny fiantraikan'izay eo amin'ny lafin'ny fahaleovan-tena ? ... tena azo lazaina ve fa hoe tokantrano tokoa ilay izy? ...

P1: Tena tokan-trano io ka! ... Ahoana moa no tsy ilazàna hoe tokan-trano io? ... Raha tsy izany dia tsisy dikany ny hoe mivady fa aleo mpisipa ohatran'ny taloha ihany...

Q9.- A: Ahoana ny fijerinareo ny hoe tsy vitan'ny lehilahy irery intsony ny famatsiana ny ... tokant-trano, fa tsy maintsy mandray anjara koa ramatoa?

P3: Ah!... Io aloha tsy vita e!... Raha tsy hoe angaha deba be ianao... nefo na izany aza ... indraindray efa tena ilain'ny vehivavy koa ange ny miasa... mitady vola... mila lamôdy ireny na ohatr'izany, dia ... fa aleo aza izy miasa fa raha ao an-trano foana ...

P6 : sady ny fiainana angaha vitan'ny hoe mihainohaino fotsiny eo ... sady raha mila mbala amin'izay tiany izy... aleo ny volany no laniany amin'izany fa ... tsy ny tokony hanina ao an-trano...

A: Izany hoe tokony samy hahaleo tena amin'ny volany ve?

P6: An an ka! Misy zavatra iarahana manapaka... ny ambony angamba no hoe ... ividianany an'izay...

P1: Tsy voafetran'ialahy amin'nizany izy... tsy hitan'ialahy akory ny hividianany an'iny... sady matetika ary ilay izy zavatra tsy ... tsisy dikany... tsy eritreretin'ialahy akory no tonga ao...

P2: Fa ampahafirin'y hoe mandeha mipainsa sy mirevy kely ataon'ny bandy anefa izay izay e! Mahita vola isetroana toaka foana ialahy koa raha mba iny no mahavolivoly azy...

P4: Raha ny marina ... tsy hoe ... tokan-trano io ... raha mety ny ao, izy mianakavy no mety ... raha tsy mety ny ao, ... sarotra ny hitady vonjy etsy sy eroa ... izao ary ianao raha tsy ampy kely ny volanao hividianana sigara tsisy manome izany, ka vao mainka fa hoe vary hohanina na ... hofan-trano na ... ohatratr'an'izay e!

A: Dia ahoana ary ny fika atao eo amin'izay lafiny izay?

P5: Io tsy maintsy atambatra ny vola rehefa faran'ny volana... dia eo vao mahita hoe ... ity hividianana an'ity ... ity hividianana an'ity ... ny anay izao efa noraisiko ho fahazarana mihitsy hoe ... tsy maintsy entiko mody aloha ny vola vao mividy zavatra aho avy eo ... efa tratra aho manko ... (ries)

A: Azo laziana ary ve fa tena misy ny hatao hoe fitokanana tanteraka, tsy hiankinana amin'iza na iza?

P1: Razoky koa ange ohatran'ny manontany hoe ... mahavita tena ve e! ...

A: Ah ah... manontany aho hoe possible ve izany ... satria raha ny fahalalako an'izany mivady izany tokony hoe mitokana...

P1: Hay ve e! ... Raha ny tokony ho izy dia izay e! ... fa indraindray tsy vita ...

A: Mba homeo ohatra hoe ...

P1: Ohatra izao tamin'ny vao haingana teo ... nanao raharaha ny zanako aho ... izaho anefa tsy nanambola... rafotsy koa vao niala tany amin'ny zone... dia tsy maintsy hoe naka fanampiana tany amin'ny zokiko aho... fa ny hanoloako azy izao no tena gravy satria ... misy havam-badin'ileiry tafiditra lalina tamina aferana vato dia ... tsymaintsy averiko haingana izany ilay sôsy e...

A: Raharaha inona ilay natao amin'io?

P1: Batemy...

P5: Ny anay izao ny rafozako no nanampy anay taorinan'ny soratra satria mbola tsy tafavoaka aho... izao izao izy ho teraka ... mety tsy ho arako ... dia tsy maintsy hikarataka ihany aho aloha...

P4: Ny vy tsy mikitrana irery e! ... (rires)

P3: Tsy izany kosa ny fiteny e! ... (rires)

A: Raha azoko tsara izany... teny fotsiny ihany ilay hoe mitokan-trano? ...

P2: Mety hoe izay ... fa raha ny ahy aloha ezahako vitaina daholo ny zavatra rehetra e! ... ny anay mitsam mihitsy moa zany e... hafa ihany koa ange izany hoe nanao irery izany e... tsy zakako ny ahy avy eo ilay tenenina hoe ... tsy nahavičta ireny raha tsy nampianay! ...

P4: Izaho koa mitovy amin'nizay...

P5: Otran'izay ny ahy fa ... tsy vita irery daholo io e!

P3: Ka ilay izy koa ange indraindray ny raiamandrenin-drafotsy mihitsy no tsy manaiky e...misisika mihitsy aza izy... (rires)

P1: Io tsy hoe mitoka-monina akory ka hoe ... any amin'ny dezera de ...

A: Saika hanontaniako mihitsy izay hoe fifandraisareo amin'ny manodidina izay ... soa ihany i P3 fa nanatsidika an'izay...

Thème IV-Relation parents et jeunes couples

Q10.- A: izaho izao saika hanontany hoe manao ahoana ny fifandraisareo amin'ny raiamandrenin'ny vadinareo avy ... P3, afaka azavainao misimisy kokoa ve ny hevitrao teo?...

P3: Ny anay izao tamin'ny faran'ny taona... sahirana be aho fa tsy nandray vola tany am-piasàna.

Kobon'ilay rafozako ilay izy ... madama koa niteniteny tany dia ... tsy namelany mihitsy izanay fa nipetraka tany nandritra ny fety... izaho efa miteny hoe aleo amin'izao fa ... fa rafotsy mihitsy koa aza no tena nazoto ... fa hatramin'izay aho miezaka tsy dia mifandray loatra amindry zareo... izany moa fainantokantrano ka tsy dia azo hoe aparitaka fa ... (rires) efa miresaka ihany isika ka ... entiko am-pisehoana aminao hoe indraindray tsy fidiny anao io ...

A: Asa mbola misy mana-kamabara ve mikasika an'izay ... P1?

P1: Io kosa aloha marina e... tsy maintsy sahirana ny amin'ny zanany izy koa...!

A: Ny hevitrao izany hoe sarotiny ihany ireo ray aman-dreny? ... Sa...

P4: Ny anay izao somary voakiana kely ihany aho tamin'ny voalohany... tsy afenina aloha fa nahazo latsa an-kolaka kely ihany aho tamin'ny voalohany e ... (rires) fa nandeha teny ny andro dia hitako hoe ... hitany hoe niezaka aho dia tsy dia naninona intsony izy...

P2: Fa raha atao ange ny kaonty... zony ihany koa izany e! ... fa rehefa hoe mivady kosa izy roa tsy tokony hitsabaka amin'izany intsony izy ...

P6: Ny anay aza moa na rabainina sy rabôfy koa aza nanao ny ataony... lazainy fa ampijaliakop indray raneny... (rires)

P5: Ka ialahy tsy miala amin'ny pi mihitsy koa...! (rires)

P6: An an, tsy hoe izany fa matahotra izy hoe sao manala-baraka andry zareo any amin'ny havam-badiko aho ka... (rires)

P1: Ny anay aloha tsy mba hiditra amin'izany mihitsy e... zarany aza ianao tsy eo ambany masonry intsony koa...

Q11.- A: hidirantsika amin'ny resaka manaraka izay... ohatran'ny hoe ... te-hanontany aho hoe ... manao ahoana izao ny fifandraisareo amin'ny vadinareo tsirairay avy... sarotra ny mamaly an'izay, ... fa saingy mba tiako ho takatra hoe inona no zavatra niova ... nihatsara... niharatsy ...

P6: Ny ahy aloha ilay eo amin'izay lafiny 'ny resaka fianakaviana izay no manahirana ahy e... marina ihany ilay fanontanianao teo fa ... raha atao hoe tokony efa mitokan-trano izany mpivady izany ... izany hoe mitokana dia voa mainka aza toa tsy maintsy hoe mifandray betsaka amin'olona ianao ... sarotra ihany aloha e... ohatranay izao tsy dia hoe nianatra nankaiza fa mba nanao kely ihany, fa tena tsy ampy ny fidiram-bola dia ...

A: Fa aiza ho aiza amin'izay izao ny fifandraisanao amin'ny vadinao? ...

P6: Ho avy amin'izay mihitsy aho ... ny ahy rafotsy efa kôpy hoe izao ity ... izao ity ... izy mihitsy aza no nametraka hoe aleo mifampiresaka fa tsy tafavoaka ity raha atao ohatran'io foana ... izany hoe rehefa misy zavatra izany dia ...

P2: Izay aloha fika mety e...! Fa sarotra amin'ny kofboay ange izany e...indrindra indrindra raha hoe kofboay mirevy... dia avy eo tsisy resaka mihitsy ao an-trano dia lasa madama fa tsy eo eo ramos... (rires)

A: P3...?

P3: Hafa kosa aloha ny taloha tamin'ialy mbola hoe nifampikôty... nampiaraka sy ny sisa e...! Amin'izao aza ange tsy mifankahita raha tsy efa amin'ny halina e! ... Indrindra raha hoe efa tonga vahiny ...

A: Tonga vahiny ahoana izany?

P3: Efa manan-janaka e!... (rires)... Eo koa manko miova ny fifandraisana satria ny reniny amin'io efa variana any amin'ny zavatra faha...

P4: Ie... na ilay anna aza efa ankavitsiana vao raikitra... (rires)

A: Ilay inona io? ...

P4: Ilay zavatra fanao e ... (rire général)

Q12 .- A: hay ve e! ... Fa eo amin'izay lafiny izay ... misy aminareo ihany ve anefa mangataka toro-hevitra ... na koa hoe misy ve olona manoro hevitra anareo amin'ny hoe fifandraisanareo mivady ... sa dia ... inareo irery ihany no ...

P1: Misy koa ange ohatra ny any am-piasâna... miresadresaka kely eo dia mahita hevitra ianao hanaovana an'iry na iry e! Tsy dia voatery hoe any amin-dry mompera ihany koa akory...

A: Izany hoe ...

P1: Any am-piangonanay misy an'ilay fihofanan'ny mpivady vao... izany hoe ireo vao miomana ny hivady... fa misy koa aza ange fiofanana momba ny ... ho an'ny efa ao anaty tokantrano e!

P2: Ny anay iny tsy maintsy atao hono... izaho anefa efa valaky ny kandra... mbola ampiana an'izany koa...

P6: Ka ilay izy ilaina...

P2: Fiainan'ialahy kosa ve dia tsy ho hain'ialahy ny hoe hitanatana azy e...!

P6: Tsy hoe izany fa ohatran'ny anay izao izy mihitsy no mila an'ilay izy...

A: Izy iza? ...

P2: I madamako...

A: Ny an'ny hafa ahoana? ... P4?

P4: Ny ahy aloha aleoko ary misy ohatran'izay, toy izay hoe ny renin'ny kala no andeha hananatra ahy e... (rires)

P6: izay koa aloha marina e!

P3: Ny ahy indraindray tonga avy any dia tonga any anaty vilany no jereny...

P1: Sao tsy hamen-drazoky kaly kosa ny zanany ko! ... (rires)

P3: Fa angaha izay ihany, ... tapitra voajeriny daholo hatrany anaty armoire ! ... (rire général)

P4 : Fa indraindray ange mahatsara zavatra iny e... mba mitandrina kokoa amin'izay...

P2: Marina izany... fa angaha ialahy efa tapi-pahaizana? ...

P3: Tsy hoe izany fa misy fetrany kosa e...!

P5: Izaho izao mieritreritra hoe ... izaho ange mety tsy nahavita n'inon'inona raha ohatra ka hoe tsy nisy andry zareo e...! ny tiako ho tenenina hoe izy koa tsy maintsy miaro ny zanany... ohatran'ilay razoky kely eo akaikinay izay... bikinan'ileiry ny zanaky ny tompon-tranon-dry zalahy, leiry anefa amin'io mbola vao

17 taona... mbola mibôsy izany... iza ary no tadiavin'ingahy hamelona an'ilay papozy kely eo?... tsy maintsy miotady kandra izao ileiry... asa izay raha nahita na ahoana... fa ny tiako holazaina hoe ... alohan'ny hanapahanao ahy ... tsy azo atao hoe ... hiolonolona fotsiny eo fa tsy maintsy apetraka ihany ny fifandraisana...izany izao ny an'izay boay kely izay tsy maintsy mitavana any amin'ny raiamandrenin'ny sipakely izy aloha ...

A: Hm hm... eny ary e!... lasa be ny fotoanantsika, ianareo koa mbola hamonjy asa daholo, ka ... angamba faranantsika eto aloha ity ... amin'ny manaraka indray manao misimisy... misaotra anareo rehetra nandray anjara...

Nom : ANDRIANJATOVO Ramahatakatra Rijanirina

Rubrique : Sociologie de la famille

Titre : « *La fondation familiale des jeunes couples. Cas des jeunes mariés du Fokontany Anosibe Ouest II.* »

Nombre de pages : 52

RESUME

Pour déterminer le mode relationnel conjugal des jeunes couples d'aujourd'hui par homogamie sociale, il est difficile de le définir que ce soit une fusion due l'attriance réciproque, soit une expression symbolique de l'autonomie. D'un côté, des primats sociaux et parentaux incitent les jeunes à fonder leur propre famille. De l'autre côté de ces influences normatives, la motivation personnelle excitée vivement par l'amour, garde aussi jalousement sa notoriété sur le marché matrimonial. Quoiqu'il en soit, l'actuelle entrée des jeunes dans le monde du mariage peut se formuler symboliquement comme une représentation de l'autonomie devenu illusoire. Arrivés sur l'arène de la vie conjugale, les jeunes sont confrontés à des inattendus les obligeant à se refugier sur des aides et des conseils tutélaires parentaux, avant qu'ils ne se versent dans la désillusion entraînant à son tour une crise de la conjugalité qui finirait précocement par le dérèglement et la destruction du lien conjugal. D'où, l'échec conjugal aboutissant nécessairement à un échec social.

Mots clés : homogamie sociale, mariage, vie conjugale, relation conjugale, famille.

Directeur de mémoire : Madame RAMAMONJISOA Janine